

# ny omby mahery teo amin'ny mponina ankay.

RAMILISONINA.

*Toetry ny tany :*

Ankay moa dia lemaka lavalava mianatsimo sy mianavaratra mampisarakana ny foko Merina andrefana sy ny foko Betsimisaraka atsinanana. Ahavoana mitomandavana rako-try ny alabe no manodidina azy atsinanana atsimo andrefana, fa ny ao avaratra kosa dia ny tanety Ambatoaranana no manefitra azy amin'ny tany sihanaka. Tsy dia lehibe velarana loatra izy, fa raha toratady dia tokony ho mirefy 115 kilaometatra ny lavany ary 40 kilaometatra kosa ny sakany miankandrefana sy miatsinanana. Mangoro no renirano lehibe mamakivaky manaraka ny lavany. Nefa maro kosa ireo zana-drano manon-draka ny tany manontolo ary samy mivarina amin'ny Mangoro ka mivoaka mianatsimo miatsinanana any amin'ny ranomasin'i Océan Indien. Bezanozano kosa no mponina ao aminy, ka i Moramanga no renivohiny.

Araky ny voalaza ery ambony moa dia voadidin'ala i Ankay ka voatondrak'orana matetika. Noho izany dia mpamokatra zava-marokarazana sy mpiompy ny mponina ao nohon'ny zava-boahary mivelona amin'ny rano. Ny tena goavana sy mitàna toerana maro anefa dia ny voly vary sy mangahazo ary ny "fitarizan'aomby". Tiana anefa no manamarika fa tena kely tokoa ny tanimbary na ny toerana azo voliana raha miholotra amin'ny tanety. Eny ao ihany ny lemaka midadasik'i Mangoro, saingy tsy azo hivalamparana, fa "*akandro mahé misy masaka ka saro-dazaina aman-kavana*", ny antony dia mandoza tokoa ny tondra-drano ka mamono ny vary, ary velona ny hoe "*vary alô ka mahatrahapo fa tsy mahafa-taona*". Ka izany no mahavoatery ny olona hamboly vary indroa isan-taona.

Nohon'ny tanety sy ny lemaka efitra nibahan-toerana tao Ankay anefa, dia ny fihopian'omby "*fitarizan'aomby*" no tena nimasoan'ny mponina ary nampalaza ny ankamaroany. Ary satria maniry ao koa moa ireo ahitra isan-karazany, tohin'ny vodengona, horina, vero, tenina, sengoana ary fandrotrarana izay tena mahatsara sy mampite-raka ka mitombo isa aingana ny omby. Mifameno indrindra koa moa ny faniriny, ka mahatonga ny omby tsy tapak'anina mandritry ny taona. Marihina fa tena fanao nahazatra ny Ntaolo teo aloha rehetra, no tsy maintsy mandoro isantaona mialoha ny orana fahavaratra, ireo tanety Kijanin'omby, mba hahatsara ny ahitra maniry eo aminy, izay fomba tena mifanohitra amin'ny fandrosoana ankehitriny, nefa tsapa fa tena nahitany fahombiazana tanteraka.

Tsy mba fihompian'omby tsotra sy vitsivitsy, andrasana isan'andro ary mandry ampahitra isan'alina, ka morabe toy ny fahita amin'izao fotoana anefa no nataon'dry zareo tao Ankay, fa ny "*Aomby mahery na Aomby antsaha*", ary io indrina no tian'ny mpanoratra no tantaraina sy ho fakafakaina amintsika etoana.

Taiza no nihavian'ny omby, ary nanao ahoana no nahatonga sy niandohan'ny omby mahery na omby antsaha ?

Talohan'ny taona 1575 dia tsy noheverina ho biby fihinana sy mahasoaka akory ny omby, fa nikarenjy sy anisan'ireo biby dia teny ka Jamoka no anarany. Fa hatramin'ny taona 1575-1610 izay fotoana nanjakân'i Ralambo kosa, dia nanjary fihinana sy foto-tsakafon'ny malagasy ny jamoka, ary niteraka anara-mbaovao hoe Omby. Nokarakarain'i Ralambo notamaniny nahiditra ampahitra izy hatreo, ka nitera-bokatsoa.

hoan'ny mponina maro. Ao Ampanatovana antsinanan'Ambohimanga ary tsy lavitran'Ambohitrabiby izay misy ny fasan-dRalambo, no misy an'Ampahi-dRalambo, ary mbola fahitr'ombin'Andriana rehetra nifandimby tao arinany koa.

Talohan'ny nanambaran'Andrianampoinimerina an'Imerina manontolo ho iray tsy mi-vaky, dia tena vitsy dia vitsy tokoa ny omby teto ampovoantany. Ka nahatonga fomba izay mendrika ho tadidy mihitsy aza, fa raha misy olona manan'omby vavy niteraka, dia arabaina hoe : *arahaba nahazo learanon-karena hianao*". Nihezaka fattratra anefa Andrianampoinimerina hampitombo ny omby teo amin'ny taniny. Niantso an'dRabetrano izay Zanakandrianato ary olona malaza amin'ny famolaham-biby izy, mba hikarakara sy ho mpitana ny tandroka misy ody fiarovana "*famoto*" sy fandemy ary mampahery ny omby.

Namporisika ny vahoakany Andrianampoinimerina mba hiompy akoho betsaka, dia mividy gisa sy miezaka mba hahazo ondry, ary avy eo dia mividy omby amin'izay. Tena nisy vokany izany fiezahany izany ka nanjary nanan'omby marobe ny teto Imerina.

Tsy mbola nihonona hatreo anefa Andrianampoinimerina fa nikaroka hevitra ihany, mba hampitombo atrany ny ombiny, ary mba ho modely eo imason'ny olom-peheziny. Nandrandra nametrak'omby teny amin'ny tany malalaka teny izy "*omby ankoala na omby atondraka*" ka tsapany fa tena tsara sy nahomby, fa fotoana fohy taty aoriana monja dia nitombo hisa vetivety tokoa ny ombiny.

Nohavinana natao maranidoka ny sofin'ombiny sasany ka "*Maromadinika*" no anarana nomeny azy. Noheverina ho masina ka najaina ireo, ary tsy azo nafangaroharo tamin'ireo hafa, izay miavina torisofina, sy tamin'ireo ombim-bahoaka miavin-datsaka koa.

Taty aoriana kosa rehefa hitan'Andrianampoinimerina ny hamaroan'ny ombiny, dia tsapany fa mbola ho tsara kokoa raha manan'omby Antsaha somary dia sy mahery, ka tsy hisy olona mahazo azy mihitsy afatsy i Rabetrano miaraka amin'ny fanafodiny ihany. Sady fomba iray izay tena mampitombo ny omby rahateo koa moa izany. Koa dia nalefany tany Raopasika izay nanjary kijany malazan'omby maherin'Andriana ireo omby voatory sofina, fa ry Maromadinika izay omby masina kosa, dia nalefa tany anativolo faritanin'ny Manendy mba ho tandremany.

Nony maty anefa Ingahy Rabetrano ilay olona tokana nitokisan'Andrianampoinimerina ny ombiny, sy nohenohin'ireo biby ireo teny koa, teo amin'ny taona 1794-1810, dia indrisy fa lasa niparitaka sy nandositra tany anaty ala atsinanana tao amin'ny faritanin'i Beorana avokoa, ireo fananana maroben'Andrianampoinimerina.

Koa arak'ireo tantara voalaza etsy ambony ary, dia Andrianampoinimerina ihany no hany olona voalohany nampianatra ny malagasy nitahirany omby an-tsaha mahery na somary dia. Voalaza koa fa tsy nisy izany mihitsy tany ankafa afa tsy teto Imerina tamin'ny androny.

Hatramin'ny nanjakàn'i Lahidama 1810-1828 anefa, dia nieli-patrana izany fomba izany teto amin'ny Nosy, satria nisy ireo omby lasa nianavaratra tany Androna Amparafaravola, ny sasany nidina niantsinanana tany Ambanivolo Andavakisakay, fa ny hafa kosa nihoatra niankandrefana tany Andranomavo.

Koa raha mandinika sy miverina amin'ny tantara isika, dia rariny sy tsy nahagaga raha nanandaza ireo mponina tao Ankay tamin'ny Omby Mahery :

- a - Ireo Manendy mpiandry omby "*Maromadinika*" an'Andrianampoinimerina, dia nisy nifindra monina any Ambonilempona Kantaon'i Mandialaza (Moramanga).
- b - Raha vao maty koa i Rabetrano ilay tokana any mpikomandy ny ombin'Andrianampoinimerina, dia lasa tany amin'ny alan'i Beorana izay toerana raha

tora-tady dia mirefy ho 15 kilaometatra avy eo Mandialaza, ireo omby Antsaha sy Mahery rehetra.

d - Teo amin'ny andron'i Lahidama izay fotoana nampielipatrana voalohany ny omby antsaha eran'i Madagasikara, dia tsy mbola very anjara koa ny tao atsinanana Ambanivolo.

e - Mbola mpifanila vodirindrina koa moa ny Merina sy ny Bezanozano, ary raha fakafakana aza ny razany, dia olona iray niandohana izy ireo.

Ka toy izao ary no fomban'ny Bezanozano Ankay momba ny "Aomby antsaha na Aomby mahery". Arak'izany anarany hoe Aomby antsaha izany moa, dia tany efitra sy saha mangina no nofidian-dry zareo natao Kijany nampitoerana ny ombiny. Zavatra maro tokoa no nokendrena tamin'izany dia :

- ny ampahery ny omby tohin'ny lambo, rehefa tsy mahita olona matetika, ka tsy misy mahazo azy mora foana, hafa tsy ny tompo ny ihany;
- ny hahatsara sy hampitombo isa haingana ka hampanankarena sy hampalaza ny tompo ny eo imason'ny mpiara-monina : ka raha misy olona efa manan'omby 100 dia tsy maintsy mifaly mamono omby izay sahala amin'ny voady raikitra
- rehefa tonga koa ny fotoana fiasana fanosena tanimbary, dia tena haja sy reha-reha tokoa ny manana aomby mahery marobe; ka hoy ny mpilalao fanorona rehefa mi-hinam-bato maro "*Zay be Aomby mahery manosy*"

Talohan'ny taona 1855 tany ho any dia mbola tsy nisy ny omby folaka nitarika sarihy; raha ny tany Ankay aza dia efa teo amin'ny taona 1920 mihitsy vao mba nisy ny olona niasa tamin'ny angadin'omby. Koa tsotra izany fa tena nilaina mihitsy ny omby antsaha, teo amin'ny fanosena ny tanimbary.

Tamin'ny alalan'ny firaisankina feno tokoa anefa no nihainan'ireo Tankay ireo taloha, fa rehefa hiasa hanôsy, dia mifampindrana, ka misy olona roa tonta na telo samy manana aomby antsaha sy mahery no akatroka amin'izany. Ny olona rehetra manodidina ka mandre kosa, dia samy tonga hijery izay tena omby mahery talanina eo antanimbary "*mampiady osy*", ka feno ny sompirana; miova tsy ny vahoaka ankehitriny izay manatrika adi-baolina kitra hifandoman'ny tarika roa samy mafy.

Eo amin'ny fanomanana izany lalao izany moa dia toy izao :

Ny andro iray na roa mialoha hanatrehana ny ady, dia lasa mamory ny omby ny tompo ny, ka misy fomba roa tsy maintsy arahina :

Ny iray dia voriana amin'ny toerana "*Fanoñon'Aomby*" tany efa voatokana ho fanafanana, tarihin'ny filoha "*talen'aomby, ka eo no halaina ny andro hanosena raha akaiky izany; ny faharoa kosa dia roahina avy hatrany ny omby, ka hatsofoka amin'ny lozoka iray "Tanjomponga"* izay manakaiky ny toerana hiasana. Tsy fanao mantsy ny mampiditra ambala ny omby antsaha. Ny tanimbary hosena kosa anefa dia tsy maintsy valana manodidina nohon'ny herin'omby ka milefa. Ary manatevina izany koa ny vehivavy sy ny ankizy, ka manemitra ny tanimbary mitana hazo lava "*mpiambintsisina*".

Ny lehilahy matanjaka mitafy akanjo soga fohy tanana, misatroka hera-madinika misy le lany na bory, no manenjan-tsalaka. Mitondra tehina tokony ho iray metatra amin'ny tanany ilany, ary tsorakazo lava amin'iray avy izy rehetra. Aroboka daholo ny omby afa tsy ny bevohoka sy ny antitra. Ilain'ny omby sy mahatsara azy mantsy ary mampiteraka koa ny miasa tsindraindray, araky ny fandinihan'ny Bezanozano.




Fig. 3

Fig. 1.

Mizara telo ny mpañosy :

Ny sasany mpandroaka aoriana, ny sasany mitana "*ampataña*", fa ny hafa kosa mpañodiñ 'omby. Raha vao manomboka dia ny sisin-tanimbary aloha no tsy maintsy lemana mialoha fa adalain'olona raha manohitr'izany, ka ampilaminana sy tsy mirototo mba hanazatra ny omby aloha. Mikoka mafy mifamaly amin'ny feo avo nefa mitovy sy miverimberina ny mpanosy. Ary rehefa tonga amin'ny faritra tokony hiodinana, dia misy mibaiko manao hoe "*ao izy ao*", ka velona ohatra mbola mijoro ankehitriny ao Ankay raha misy adin-tsaina tsy azo hialàna hoe : "*Ao izy ao hoy ny mpanosy*". Avadibadika miankavia sy miankavanana ny fanosy mba hampitovitovy ny hahavon'ny tanimbary sy tsy hahafanina ny omby sy ny olona.

Rehefa "*maty*" = malemy kosa ny sisintany ka handemy ny ampovoany, dia ho velona amin'izay ny ady saritaka feno aravoana. Avela ilay tsorakazo lava ka soloina "*fanova*" hoditr'omby nahorona tohin'ny sondry (Jereo ny sary - Fig. 1) Avahina ny omby donto sy efa vizana, ka avela ery andohatanimbary hatao "*takatsika*". *Tahôna* = zaràna toaka gasy ny mpiasa, ary fafazana koa ny tanimbary sy ny lafy efatra mba hidofaka any amin'ny omby ny fofona. Tsapantsika mpamaky avy hatrany sahady ary no mety ho vokany, rehefa miaraka amin'ny "*dahouou*" = toaka ny lanonana.

Kapokapoina ilay "*fanova*" , ka manakohako eran'ny saha, velezina ny rano, velona ny antsoantso sy ny feo avo isankarazany; manao hoe : *i i i !... i i i ! .... i i i !... i i i !...; a !... a !... a !... a !...*

*Mipelipelika sy midingin-drambo ny omby, rança ny sofiny, maminany lalan-kivoahina, mitady namana nefa mihaino ary mamantatra fatratra ny feo sy ny baikon'ny tompony.*

Koa indreny izy rehetra mitory rano manao toratañana, hataon'ny olona "*alañila*" enjehina alavidavitra, avy ery anava manao tsombialoha hamonjy ilay takatsika ery andoha tany.

Amin'izany ary no ahitana sy ahafantarana izay omby antsaha tena mahery sy hendry sady mahay mitarika ireo ankehonany. Mivoaka sy miavaka ny maro mihitsy mantsy izy, saingy raha vao miteny kosa ny tompony dia mitodika miverina izy sady "*mitsangana*" = tsy mihetsika.

Faly sy mitotorebika tokoa ny mpijery indrindra fa ny tompony eo ampahitana izany, ka velona ny fiteny manao hoe :

*"Terak'omby fahavaratra sady lalao no harena"*

Ny volana desambra sy janoary mantsy no tena fampiadiana "*osy*", satria efa la-tsaka ny orana, maniry ny ahitra ka matanjaka ny omby. Io rahateo koa no fotoana fanetsana sy famafazana.

Hoy ny Bezanozano raha misaotra :

*"Tsy ho botry terak'omby fahavaratra, ho lava-tandro-bositra, antanàna hanisa vola, antsaha anisa vositra"*.

Ny tady sy ny vala araky ny efa voalaza tery aloha, dia tsy fanao amin'ny omby antsaha sy mahery mihitsy. Koa eo amin'ny fotoana fanosena sady mahavory maro ny "*goña*" = tovolahy, no hamosirana sy hanavinana ny omby. Ka tolomina no fisamborana sy iandavoana azy amin'izany.

Tsy fahita ao Ankay kosa ny manamarik'omby toy ny any amin'ny faritanin'i Mo-

jangay. Fa ny avin-tsofina no mahazatra sy mampiavaka ny ombin'ny tsirairay. (Jereo ny sary Fig. 2).




Fig. 2

Mihisa ho enina (6) no karazan'avina tao Ankay, nefa tsy nisy afa tsy telo (3) monja tamin'ny andron'Andrianampoinimerina, izay niandohan'izany fomba izany voalohany.

Ireto avy no anaran'ireo avin'omby Bezanozano :

- 1°- *Lelampamaky* : ny Andriana sy ny olo-malaza ihany no tompon'io avin'omby io, satria famaky mahery hono ka ny Andriana no tompon'ny hery, ary tamin'ny andro taloha aza, dia tsy nialan'izany famaky kely izany mihitsy teo anjoro-tranon'ny olo-malaza tao Ankay. *Maranidoa* ny Maromadinika no avina nitovy lanja taminy teo amin'Andrianampoinimerina.
- 2°- *Bekepaka* : io kosa dia natokana hoan'ny omby mahery. Tena lasa jilajilo mantsy ny sofin'omby sady maivana sy kingakinga no manendratrendratra lava, ka tonga mampahery azy. *Torisofina* kosa no nitovy taminy teo amin'Andrianampoinimerina.
- 3°- *Maromanana* : Fa ity fahatelo ity moa arak'izany anaran'izany, dia maro no manan'azy ka tsy mba voafetra mihitsy, fa mahazo manao io daholo ny vahoaka rehetra raha tiany.

*Avindatsaka* no anarana nentiny teo amin'Andrianampoinimerina. Tsy voamarina tsara anefa io teo amin'ny tantara taloha teto Imerina, fa raha ny fanamarinana natao sy nomen'Ingahy RABETSARA 57 taona, ao Mangarivotra Mandialaza, izay anisan'ny zazanavelan'ny omby mahery, vato namelan-kafatra, no zanak'omby tsy am-

pianarin-domano mandrakankehitriny dia atao hoe "Avindatsaka" na latsakila ny omby izay mitondra io maritsofina io, nefa dia ny ilany ihany, izany hoe ny avia na ny avanana. Mbola izy iha-ny koa no nilaza fa tsy mba fanao mihitsy fa mahafaty sofin'omby ny mandidy na manavina ny ampovoany.

Ireto avina na maritsofina telo (3) manaraka ireto kosa, dia tsy mba nisy teo amin'ny andron'Andrianampoinimerina :

4°- *K o r o* : olomainty iray tarika no tompon'io, ary dia nomena anarambositra mihitsy hoe "*Marokoro*". Ao Ampasipotsy atsimon'i Mandialaza no misy azy, ary avy any Maroantsetra hono no niandohany. Mpangalatra'omby gaigy hono izy ireo taloha, ka raha vao azony ny ombin'olona dia avinany na "*korony*" ny sofiny mba hitovy amin'ny ombiny. Koa avy amin'ny avin'omby izany no nihavian'ny teny hoe : "*Marokoro*".

5°- *Volombodimpapango* : )

) ireto kosa dia tsy mba voafetra no tompony, fa samy

6°- *Tongodokanga* : ) mahazo manao azy daholo izay mankasitrak'azy.

)

Rehefa hifarana ny taom-piasana, dia "*manasa-tandro-bositra*" mamafy fanafody ho fiarovana amin'ny fahafatesana vokatry ny aretina sy ny loza maro samy hafa ary ny mpangalatra ny tompon'omby. Ka tsy misy olona mahazo mindrana sy mampiasa intsony ny omby raha tsy amin'ny taona manaraka indray.

Tsy hampandroana ny omby mahery, fa avela hibaby fotaka ho sasan'ny orana, ary mahalala mody any Ankijaniny fa tsy haterina rehefa avy mañosy.

Zavatra maro no tena nokendren'ny Bezanozano, teo amin'ny "*fitarizan'aomby*"... harena, lalao, laza, fiasana ary ny adidy eo amin'ny fivavahana nenti-pahazarana.

Tsy mba namidy na vonoanoampoana izay omby vositra filohan'omby antsaha fa avela ho maty hoazy amin'ny fahanterany, ka ny tandrony "*mamalika*" = lava mibaraingo, dia tehirizina fatratra hatao fisotroana Betsabetsa raha misy fifaliana hatao. (Jereo ny sary fig : 3)

Raha misy lehilahy malaza manan'omby mahery ka maty, dia tsy maintsy hampitarihandalana ny razana ho any ampasana ny ombiny. Ny maty dia hamonoan'omby "*enapoaraka*" fa raha tsy izany dia maniny, ary velona ny resaka sy oha-dratsy "*miala maina tahaka ny nandevin'alika*".

Efa misy koa ireo toerana izay efa voadiniky ny Taolo, fa mahalana no tratry ny ranotondraka, ka hamonoan'omby "*tampina*" fotsy mainty loha sy vody, raha sendra hoaran-drano (Amboaramena-Mangarivotra, Amboarakely-Sarogoika ets) ao amin'ny Kantaon'i Mandialaza. Eny amin'ny "*fanony jiro*" na toerana masina no hijoroana hanaovana an'izany.

Ao ny taona manaina tsy misy orana, ka hamonoan'omby "*berano*"; omby vavy bevo-hoka mba handatsak'orana.

Misy ireo firazanana samy hafa eo amin'ny maha-samy Bezanozano, tsy mahazo mi-fanambady raha tsy hamonoan'omby fotsy koa

*Ohatra* : Tsimifaha sy Zanadroandrena

Tsimilahaika sy Maromena ary ireo

Andafiandrefan'i Mangoro sy Andafiantsinanany.

Tao koa ny ala-voady hamonoan'omby jaomainty, mifaly zazalahy ary amin'ireo fomba malagasy samihafa.

Indrisy anefa fa hatramin'ny taona 1947, dia nivalona ho tantara ny omby mahery tao Anka, ka nendaka teo ampelatanan'ny Bezanozano ireo lalao sy harena ary laza. Na dia foana kosa aza izany ankehitriny nohon'ny ankason'ny tany sy ny fandrosoana, dia mbola ao ihany kosa ireo Kijany maro "*vilany nandrahoan-kena ka tsialam-potipotiny*" tsy very tadidy, fa mbola misy Aomby antsaha madinika vitsivitsy fandrotrarana ankady ihany. (Jereo ny tabilao)

Ramilisonina

25 Aogositra 1972



IRETO MISY ANARAN-KIJANY VITSIVITSY MALAZA NÔTSONGAINA TAÔ ANKAY

(Foko Bezanozano)

<i>Tarika</i>	<i>Tanàna</i>	<i>Kijany</i>
1°- Borisatroka	Avaratr'i Sabotsy-Anjiro, Belavabary Mahavoky-Maromandia-Ambodronono-Ambohimiadana-Antanjona, Ampasi-potsy, Ambodravoay.	Lavatrandraka, Anjohy, Mahadera, Ahitrandriana, Andranozona, Antanjondava.
2°- Anjafimbaha Atsimifaha	Mandialaza Ankokalava-Antaniditra	Anjohy, Mahajery.
3°- Anjafitsorombena	Antanambao avaratra, Marotsipoy, Mahatsara.	Berivotra
4°- Zafindrenimorona	Ireo mponina manamoronan'i Mangoro	Mahajery
5°- Zafindrafara Zafindralaza	Antsimon'ny lalambihy Moramanga-Anjiro	Besoka, Ankaihika.
<i>Vavahay</i>		
6°- Zafindrafanala	Moramanga avaratra-Ampitambe	Behovana-Ambohipeno-Ambohimanjaka
7°- Menalefona	Marovoay-Andrebakely	Mahajery
8°- Vohibolo	Ambohibola-Ampangabe-Amboasary	Mahajery - Antsingilo
9°- Bezanozano avaratra loharano mifangaro Sihanaka	Andaingo - Bembarry	Masokamena
10°- Zana-janahary-Vondroala	Fierenana atsinanana	Ambangobe